Ho fanomezam-boninahitra ny

mpanompon'andriamanitra

Marie-Joseph Lagrange

(1855 - 1938)

***mpanorina ny** sekoly fandalinana*

ny baiboly ao jerosalema

I Albert Lagrange dia teraka tao Bourg-en Bresse, Diosezin'i Belley-Ars, tamin'ny 7 mars 1855. Nony feno telo taona izy dia nandray ny tsodranon'i Md Curé d'Ars. Taorian'ny fianarany tao amin'ny Seminera zandriny tao Autun, dia nanohy fianarana momba ny Lalàna (Droits) tany Paris izy, mandra-pahazoany ny mari-pahaizana ambony "Doctorat". Nanintona azy mafy ny tanjon'i Md Dominika – « fanahy madio » - ka niditra tany amin'ny Semineran'i Issy-les-Moulineaux izy (1878-1879) ary nanao ny Noviciat tao amin'ny Fikambanan'ny Frera Mpitoriteny (Frères Prêcheurs) tao Saint-Maximin, izay nandraisany ny akanjo maha Dominikana azy, avy amin'ny Provensialy (Prieur provincial), frera Hyacinthe-Marie Cormier, izay nasandratry ny Papa Joany Paoly II ho Olontsambatra. Vantany vao vita ny nociviciat-ny tamin'ny taona 1880 dia nisy lalàna nivoaka nandroaka ny relijiozy ka nahavoatery ny Frera Dominikana hiala tao Frantsa. Ireo Dominikana Espaniola no nandray azy ireo tao amin'ny Tranon-drelijiozy (Couvent) Md-Etienne ao Salamanque, izay tonga toeram-pianaran'i frera Lagrange ny Teolojian'i Md Thomas d'Aquin sy ny Fampianarana Mistika (Doctrine mystique) n'i Mb Thérèse d'Avila. Tao Zamora no nanamasinana azy ho Pretra ny 22 desambra 1883. Noho ny nananany fitiavana manokana ny fianarana ny Baiboly, dia nalefa tany amin'ny Tranon-drelijiozy Md-Etienne izy, toerana fianarana ny Baiboly izay vao notokanana tamin'ny 15 novambra 1890. Hatramin'io fotoana io ka hatramin'ny fara-fofon'ainy dia natokany tamin'ny asa fikarohana ara-Baiboly ny fiainany : mpikaroka, mpampianatra Ekjezety (Exégèse), Talen'ny Sekoly Fianarana ny Baiboly sy ny gazety-boky (revue) momba ny Baiboly (1892), mpanoratra boky maro sy lahatsoratra maro, mpitoriteny, sns. Nolaniany tao Jerosalema ny dimy-amby-efapolo (45) taona niainany. Ny boky fantatra indrindra tamin'ireo nosoratany dia ilay mitondra ny lohateny hoe "L'Evangile de Jésus-Christ" (Ny Evanjelin'i Jesoa Kristy), izay voadika amin'ny fiteny maro. Ny fikarohana ekjezetika nataony dia nanome fahamendrehana ny fomba fisainana katolika mba ho azo ampitahaina sy ho tononina eo anivon'ireo toerana fanovozam-pahalalana isan-tsokajiny. Na izany aza anefa dia hita ihany tao amin'io sehatra fijoroana ho apôstôly mba ho famonjena ny fanahin'ny olona io ny fifanoheran-kevitra sy ny fitsapana maro isan-karazany. Nefa noho ny herim-po sy fitokisana nananan'i Mompera Lagrange dia vitany ny nanohy hatramin'ny farany ny fanompoany ny Fiangonana. Tamin'ny taona 1935 no niverina tanteraka tany Frantsa izy noho ny tsy fahasalamany, tao amin'ny Tranon-drelijiozy Md-Maximin, izay toerana nodiany nakany amin'ny Ray ny 10 mars 1938. Naverina any Jerosalema anefa ny sisan-taolany tamin'ny taona 1967, napetraka manoloana ny otelin'ny Bazilika Md-Etienne.

Lahatsoratry Mompera Lagrange

Momba ny fitiavana

• « *Anisan'ireo fomba mahomby indrindra ahazoana ny fon'ny ankizy, mba hiadiany amin'ny fitiavan-tena sy ny firehana amin'ny fahafinaretana, alohan'ireo fampianarana ankalamanjana na manokana dia heveriko fa tsy tokony hatao ambanin-javatra ny famangiana ny mahantra any an-tokantranony. Fony izahay tany amin'ny Seminera zandriny dia nisy valan-dresaka momba ny fiainan'i Md Vincent-de-Paul, izay nandraisako anjara matetika ary nahasambatra ahy ny nanantanteraka izany* ».

Momba ny fandalinana sy famakafakana ara-tsiansa ny Baiboly

• « *Ny tantara dia azo avy amin'ny rakitsoratra sy ny tsangambato fahatsiarovana. Tsy ampy ny milaza fa ny tsikera no fototra ihavian'ny ratsy rehetra. Ny tsikera ihany no afaka miady amin'ny tsikera. Nomen'Andriamanitra asa tsy azo vinavinaina sady lehibe ao anatin'ny Baiboly ny sain'ny olombelona, azo fantarina izany, ary nanokafany toerana tsy voafetra mba hahafahany mandroso amin'ny fahamarinana. Tsy misy afatsy ny Soratra Masina no afaka manome antsika ny momba an'Andriamanitra, ireo fahitana lalina sy mahavelombolo izay mahatonga azy hitia. Sahiko aza ny milaza fa ny Soratra Masina, toy ny Sakramenta, dia zavatra masina* ».

Momba ny Fitoriana ny fahalalana

• « *Tsy tianay raha misy fanahy very noho ny fandavany hanaraka izay tsy nangatahan'ny Fiangonana hinoany* ».

Momba ny faharetana ao anatin'ny sarotra

• « *Tsy misy fahangidiana ary tsy misy tsy fahombiazana. Tsy misy miaramila mendrika ny anarana maha izy azy ka mbola hiady hevitra ny antony nanendreny azy hiady, indrindra tsy afaka hilefitra izy na handositra*" ». *(Fanaovambeloma ny Sekoly Fandalinana ny Baiboly ao Jerosalema, ny 3 Septambra 1912)*

Momba ny fivavahana

• « *Tiako ny maheno ny Evanjely hirain'ny Diakra eny amin'ny pilpiotra famakian-teny, ao anatin'ny setroky ny emboka manitra : miditra any anatin'ny fanahiko lalindalina kokoa ny Teny, mihotra noho ny andrenesako azy amin'ny adihevitra anatin'ny gazety-boky* ».

Lahatsoratry Mompera Lagrange

Momba ny fivavahana miaraka amin'i Masina Maria

• *« Tsara angamba ny manamarika, tsy ampisalasalana, toa an'i Origène fa : ny Evanjely no safidy tsara indrindra amin'ny tenin'ny Soratra Masina, ary ny evanjelin'i Md Joany koa no tsara indrindra manoloana an'ireo hafa : tsy misy olona afaka hahalala bebe kokoa ny fiainam-panahin'i Jesoa ankoatr'ilay niondana teo an- tratrany sy ilay nandray mivantana avy aminy, an'i Maria mba ho reniny ».*

• *« I Maria no lasitra izay mahatonga ny fanahy hitovy amin'I Jesoa. Midîra amin'io lasitra io ! ».*

• *« Ny Rôzery dia famintinana ny Evanjely izay mitondra antsika hatrany am-parany, ilay fampanantenan'ny Fahatongavana ho nofo sy ny fijalian'I Jesoa Kristy Tompontsika. Ary ny Rôzery, izay toy ny taratry ny fiainan'I Jesoa dia mbola tsy ampy. Lehibe tokoa ny tsy fahampiana hita ao satria tsy misy filazana mivantana ny fampianarana nataon'ny Mpamonjy, toy ny hita misongadina ao amin'ny Evanjely. Noho izany dia tsy ny famakiana ny Soratra Masina no maha zava-dehibe ny Rojery fa ny Rojery no manampy antsika haniry sy hanome lanjany ny Soratra Masina, raha irintsika tokoa ny hanoloana ilay mistery izay tiantsika ho halaliny ».*

Ny diosen'ny Fréjus-Toulon dia efa nahavita ny fanadihadiana rehetra momba ny antony tokony hananganana an'i Mompera Lagrange ho Olontsambatra. Manoloana ireo vavolombelon'ny asa soa tamin'ny fiainany sy ny asa vokatry ny vavaky Mompera Lagrange dia ny Papa Paoly VI sy Joany Paoly II no nidera azy ho toy ny manampahaizana izay afaka nampiaraka ny fikarohana ara-siansa sy ny finoana.

Raha tianao ny hampahafantatra ny fahasoavana azonao tamin'ny alalany dia azonao atao ny manoratra amin'ny adiresy manaraka

Association des Amis du Père Lagrange
Couvent des dominicains
9 rue St-François-de-Paule - 06357 Nice Cedex 4 – France
Site internet: www.mj-lagrange.org
Courriel de l'Association : pere.marie.joseph.lagrange@gmail.com
Courriel du frère Manuel Rivero o.p., président : manuel.rivero@free.fr